15

# NY LAHATENY

**LOHAHEVITRA**

- Mahafantatra sy mahafehy ny lahateny mba hahaizana mandaha-teny.

**LESONA HO TADIDINA**

**1. Famaritana:**

Lahateny dia antso avo atao ampahabemaso ho ren'ny be sy ny maro na fandraisam-pitenenana eo anatrehan'ny vondron'olona maromaro.

**2. Ny ilana ny lahateny:**

- Entina hanamarinana na hanazavana zavatra iray manan-danja.
- Entin'ny mpiteny maneho ny fahaizany miteny sy mitana ny sain'ny mpihaino amin'ny alalan'ny teny tsara rindra sy voafantina ary voalanjalanja hifanaraka amin'ny mpihaino kanefa mahatafita ny fanazavana na fampahalalana na fandresen-dahatra atao. Izany dia mety voaravaka ohabolana na ohapitenenana voafantina ihany koa.
- Nentin'ny mpanjaka, mpitondra nampita hafatra tamin'ny vahoaka ny lahateny
- Nanamarika ny fombafomba malagasy sasany ihany koa ny lahateny amin'ny alalan'ny kabary

**3. Ny toetra tokony hananan'ny mpanao lahateny:**

- Mila fahasahiana
- Mila fahaizana mandrindra hevitra ary koa manakatra ny hevitra
- Mahay mandinika ny toetra amam-pihetsiky ny mpihaino
- Mila fahaizana mandaha-teny

- Mila avo feo.
- Mahafantatra ny fahendrena malagasy
- Mahafehy ny ohabolana sy ny hainteny

**4. Ireo karazana lahateny.**

Maro karazana ny lahateny, fa hosinganina manokana ireto izay matetika hita sy tontosaina eny anivon'ny fiarahamonina:

- Ny lahateny amin'ny lanonam-panambadiana: Ny kabary am-panambadiana
- Ny lahateny amin'ny fahoriana: Ny kabary am-pandevenana
- Ny lahateny ataon'ny mpitondra: Ny kabarin'ny mpanjaka
- Ny lahateny amin'ny famadihana
- Ny lahateny fisaorana amin'ny fahoriana
- Ny lahateny ataon'ny mpanao politika na ny mpitondra
- Ny lahateny tsotra natao hisaorana na hanazavana na handresen-dahatra (ohatra: dokam-barotra)

**Ohatra :**

→ Ny kabary am-panambadiana

Manana ny lanjany teo amin'ny fampakaram-bady malagasy ny kabary. Misy ny fifamaliana kabary avy amin-drazazalahy sy razazavavy, izany hoe, ny mpangataka sy ny angatahina. Hita ao amin'izany kabary izany ny: ala sarona sy azafady, ny fialan-tsiny, ny fiarahabana, ranjan-kabary: ny anton-dia, fangatahana, ny ala fady, ny toki-pitiavana, vodiondry, … fisaorana

→ Ny kabary am-pandevenana

Misy dingana telo ny kabary tontosaina teny amin'ny fasana alohan'ny hampidirana ny razana ao. Mialoha izay anefa dia misy ny fisaorana ny fokonolona mialoha ny ialan'ny razana eo am-bohitra.

1- Filazalazana ny momba ny maty: Ny fiainany, ny lazany, ny zava-bitany (tanterahin'ny olona manan-kaja iray)

2- Miteny ihany koa ny zanaky ny maty ho mariky ny fananana dimby (mpandimby)

3- Atao ao aorian'ny fanitrihana, (Misy solontenan'ny fianakaviana hisaotra ny mpanotrona.)

→ Ny kabarin'ny mpanjaka na ny mpitondra

Io kabary io no nalaza indrindra, izay nentina nampitana hafatra na sori-dalana na Didim-panjakana, mety mifono hafatra sy torolalana mitarika ny sain'ny vahoaka hivoatra.

→ Ny lahateny na kabary fisaorana

Ohatra: lahateny nataon'ny filoham-pirenena ho fisaorana ny vahoaka nanatrika sy nanotrona azy

*Ry Malagasy mpiray tanindrazana, ry havana any an-tany lavitra, ianareo vahiny mpiara-monina aminay eto Madagasikara, Tompokovavy sy Tompokolahy hajaina isany,*

*" Raha ny fifampiarahabana no atao eto, dia tsy manana ho lazaina firy aho, fa nanohinany foko ny fiainoana ny hiran'ny mpanakanto teo, raha dinihina ny hevi-dehibe fonosin'iny hira iny, dia hita fa lalina tokoa; ary raha jerentsika ireo voambolana samihafa napetraka eto amin'ny fafana, dia tsy tongatonga foana ireo, fa ireo no banjinintsika tsirairay avy eo amin'ny fanatantarahana ny asantsika, eo amin'ny fanompoantsika ny tanindrazana, dia mino sy manantena ihany koa fa handry fahizay ny firenena".*

*Vao nitsidika isam-baravarana ny taona vaovao, dia am-pitiavana sy amin-kafaliana lehibe ho an'ny tenako, ho an'ny vady aman-janako no miarahaba antsika tsirairay avy tratry ny taona.*

**SAHANASA 1**

Ny masera no tia mirebareba, ny afo no tia miredareda fa izaho koa no tia manandratra ny soatoavina Malagasy amin'ny alalan'ny kabary. Tsy ny trano manito-maso manemitra ny araben'ny fahaleovantena ao Antsirabe anefa aho fa ny trano bongo misy ronono ihany, koa ventesina ny azafady indray mitango, tononina ny fialan-tsiny indray mitsongo. Manarak'izany, ny fahefana an'ny mpitondra, ny famaky an'ny mpianala, ny fivoy an'ny mpiandakana ary ny aina an-Janahary, koa hisaorana hatrany Izy (Zanahary) noho ny fitantanany hatramin'izay ka hatramin'izao.

1- Inona ny karazan'io lahatsoratra io?

2- Amin'ny maha literatiora azy, sokajiana ho literatiora manao ahoana no hita eto?

3- Misy hevi-dehibe telo misongadina nolalovana ao amin'io ampahan-dahatsoratra io, inona avy izany?

**SAHANASA 2**

Ity misy lahateny fisaorana iray:

Ny tonga tsy miarahaba tokoa hono naman'ny tezitra ary ny lasa tsy manao veloma naman'ny sosotra ka izany indrindra no hiarahabako anareo izay tonga manatrika eto anio. Ka ny arahaba atolotro ho anareo dia ataoko toy ilay masoandro be lohataona ka hahenika ny isam-baravarana sy isan-tokonana, ataoko toy ny rivotra mifofofofo ka ny lehibe voakasikasika, ny kely voakitikitika koa arahaba manembana tompokolahy, arahaba manembana tompokovavy.

Izay tokoa ary no ela izay ela tsy nolalovam-potsiny fa entina hitarihana ny votoatin-dresaka. Fa sambatra raha samy sambatra hono ny rovan'Ambohimanga fa mahatsinjo ny lavitra ary mahatazana ny akaiky. Tretrika raha samy tretrika ny alan'Angavokely, fa isidintsidinan'ny vorona ka honenany mandrakizay. Fa ny eto amintsika kosa lahy, dia sambatra sy tretrika ary finaritra noho ny fisian'ity fiaraha-misalahy hifanolo-tanana ity. Koa dia amin'ny anaran'ny rehetra no hisaorana antsika tsy nanilika ny adidy, nitsindrin'ny hetahetam-pandrosoana ka nihazakazaka hifanolo-tanana amin'ny rehetra anio. Raha tsy teo tokoa mantsy isika mety tsy ho vita toy izao ity lalana ity, ka hoy izahay aminareo hoe « misaotra, misaotra, misaotra». Koa mirary soa antsika hatrany mba hotahian'Andriamanitra isika amin'izay rehetra ataontsika ka hotsimbininy hatrany. Ary ho feno fahasalama, hery sy tanjaka hafahantsika mbola manohy ny asa.
Koa hamaranako ny teniko ary dia ny firarian-tsoa ho antsika rehetra mba ho velon'aina sy salama hatrany. Misaotra tompokolahy, misaotra tompokovavy

Fanontaniana :

1- Inona avy ny dingan'ny lahateny lalovan'ny lahatsoratra?

2- Lazao ny mampiavaka sy mahakanto ity ampahana lahateny ity

3- Aiza ho aiza ao amin'ny karazana lahateny no tokony hisy ity lahateny hita eto ity?

**SAHANASA 3**

Miainga amin'ny lahatsoratra eo amin'ny sahanasa faharoa, manaova lahateny fisaorana iray noho ny fahatongavan'ny olona manotrona ny lanonana nataonao